



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FIHAVANANA AMIN'ANDRIAMANITRA

«1Koa amin'izany, satria efa nohamarinina
tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana
fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny
alalan'i Jesosy Kristy Tompontosika Rom 5,1 »

Ny fihavanana amin'Andriamanitra

- « 1Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. 2Tamin'ny alalany koa no efa nahazoantsika fanatonana amin'ny finoana ho amin'izao fahasovana itoerantsika izao, ka dia aoka isika hifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra.
- 3Ary tsy izany ihany, fa aoka isika hifaly amin'ny fahoriana aza, satria fantatsika fa ny fahoriana mahatonga faharetana;4ary ny faharetana mahatonga fahatsaram-panahy voazaha toetra; ary ny fahatsaram-panahy voazaha toetra mahatonga fanantenana;5ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika.
- 6 Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro hamonjy ny ratsy fanahy. 7Fa saiky tsy misy olona manaiky ho faty hamonjy ny marina; fa angamba hisy ihany ny sasany sahy maty asa hamonjy ny manao soa. 8Fa Andriamanitra mampiseho ny fitiavany antsika, fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy.
- 9Koa mainka aza ny hamonjy antsika ho afaka amin'ny fahatezerana ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin'ny ràny isika. 10Fa raha fony mbola fahavalo aza isika no nampihavanina tamin'Andriamanitra tamin'ny nahafatesan'ny Zanany, mainka ny hamonjena antsika amin'ny fahavelomany ankehitriny, rehefa nampihavanina. 11Ary tsy izany ihany koa, fa mifaly amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'iJesosy Kristy Tompontsika, Izay nahazoantsika ny fihavanana ankehitriny.

Epistily nosoratan'i Paoly: Mizara 2

- **Fampianaram-pinoana**
- **Fampiharana**
- **Ohatra1 Gal 5, 1ss**
 - *«Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika; ka tomoera tsara, fa aza mety hohazonin'ny zioga fanandevozana intsony »*
- **Ohatra2 Col 3, 1ss**
 - *« Koa raha niara-natsangana tamin'iKristy ianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin'ny itoeran'i Kristy, izay mipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra. 2Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany.*



Epistily ho an'ny Romana

- Fizarana voalohany :
Rom 1-11
Fampianaram-pinoana
- Fizarana faharoa :
Rom 12-16
Fampiharana



Epistily ho an'ny Romana

- Fizarana voalohany :
Rom 1-11
Fampianaram-pinoana
- Fizarana faharoa :
Rom 12-16
Fampiharana



Ny fomba fampidiran'i Paoly ny fampiharana

- «*Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany.* » Rom 12, 1




Ny fihavanana vokatry ny fanamarinana

- *«Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika... »*



Famindram-pon'Andriamanitra... ?

- Ny fihavanana vokatry ny fanamarinana (Rom 5, 1-11)
- Ny tombotsoan'ny Kristiana izay nohamarinina
- Ny soa omen'Andriamanitra izay nohariany indray
- Ets.



Vokatry ny fanamarinana antsika

Rom 5: 1-2 amin'ny finoana :

- Mihavana amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'i Jesosy
 - Vokatra mivantana ateraky ny fanamarinana izany...
 - Fahavalo isika taloha.... (Cf. saha Edena...)
- Mitoetra eo amin'ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy isika
 - Vokatra maharitra (permanent) ny fanamarinana



Vokatry ny ny fahamarinana

Rom 5: 1-2 amin'ny finoana

- Mifaly amin'ny fanantenana ny voninahitr'Andriamanitra isika
 - Izany no iafaran'ny fanamarinana antsika
- Mampiseho ny fiainana kristiana ao amin'Andriamanitra ireo telo ireo (fihavanana, fahasoavana, voninahitra)



Ny faharetana amin'ny fahoriana...

...Noho ny fiainana sy ny fijoroana ho an'ny Tompo

- and 3-5 tsy sarahin'i Paoly ny Fahasoavana sy ny mafy diavintsika eto amin'izao tontolo izao :
- Mandray ny lalan'ny hazo fijaliana koa ny Kristiana



Ny faharetana amin'ny fahoriana...

- ...Noho ny fiainana sy ny fijoroana ho an'ny Tompo
- Avy amin'ny fijaliana – mitombo amin'ny fanantenana – ho amin'ny voninahitra
- Misy fitomboana ny fiainana ara-pinoana
- Ny fitiavan'Andriamanitra no fototry ny fanantenantsika (v5-8)



Ny maha azo antoka ny famonjena antsika (Rom 5, 9-11)

- « 9Koa mainka aza ny hamonjeny antsika ho afaka amin'ny fahatezerana ankehitriny, rehefa nohamarinina tamin'ny rany isika. 10Fa raha fony mbola fahavalo aza isika no nampihavanina tamin'Andriamanitra tamin'ny nahafatesan'ny Zanany, mainka ny hamonjena antsika amin'ny fahavelomany ankehitriny, rehefa nampihavanina. 11Ary tsy izany ihany koa, fa mifaly amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika, Izay nahazoantsika ny fihavanana ankehitriny. »
- Rom 1:16 Rom 12, 1

